

ANDRO IRAISAM-PIRENENA
HO AN'NY TANALAHY

Udeha Ho Fantarintsika

TSARA HO FANTATRA
ZAVA-MAHALIANA
TOE-TOETRY NY TANALAHY
FANANAHANY
FIAROVANA AZY



ANDRO IRAISAM-PIRENENA HO AN'NY TANALAHY

Ity no andro natokana hankalazana ny tanalaky! Wildlife Madagascar sy ireo vondrona maro hafa mpiara- miasa aminy dia nanokana ny andro faha 9 ny volana Mey mba ho andro iray miavaka hankalazana sy hanaovana fanentanana hiadiana amin'ny faharinganan'ny tanalaky sy ny fonenany. Ho fankalazana ity androngo miavaka ity, dia namorona fitaovana manokana izahay, izay azonao ampiasaina na koa zaraina amin'io andro fankalazana io. Ao anatin' izany no ahitanao takelaka fampafantarana mahakasika ny tanalaky, asa marika sy piozila.

Ndeha isika hifanampy ka hifampizara ao amin'ny
tambazotra an-tserasera, ampiasao ny marimpamantarana:

#chameleonday #showyourcolors #internationalchameleonday

Fisaorana amin'izao Andro Iraisam-pirenena ho an'ny Tanalaky izao

Fankasitrahana

Ny famokarana ireo fitaovana rehetra ampiasaina @andro natokana hoan'ny tanalaky ireo no misy, dia noho ny famatsiana ara-bola avy @ San Diego Foundation. Fankasitrahana feno no atolotra ho azy ireo noho ny hafanam-pony sy fanohanany.

Hervey Family Fund at San Diego Foundation



Wildlife Madagascar

Debra Erickson, Directeur Executif

Dr. Tim Eppley, Chef du Service de la Conservation

Tojo Lytah Razafimahefa, Directeur national et responsable de l'écotourisme

Karen Worley, Auteur et Editeur

Matthew Steele, Membre du conseil d'administration et responsable des médias sociaux

Jenn Beening, Membre du conseil d'administration et responsable des médias sociaux

Jenna Pyle, Bibliothécaire

Ireo namorona ny fitaovana

Peggy Scott, Auteur

Noelle Phillips, Graphic Designer

August Stein, Logo Designer

Susie Louis, Conseillere educatif

Dr. Frank Glaw, Conseiller scientifique

Dr. Christopher Anderson, Conseiller scientifique

Aline Owens, Traduction en Français

Tiana R-Olivia R, Traduction en Malagasy

Photographe: Dr. Tim Eppley, Dr. Frank Glaw,

Tojo Lytah Razafimahefa, Dragomir Vujovic,

Dr. Christopher Anderson, Colin Tilbury

Ken & Mary Campbell,

Contributeurs iNaturalist



Tsara ho fantatra

TAXONOMY

Ny Fianakaviany: Chamaeleonidae
Subfamilies: Brookesiinae, Chamaeleoninae
11 Genera, 228 Species:

• <i>Chamaeleo</i>	14 karazana
• <i>Calumma</i>	42 karazana
• <i>Rhampholeon</i>	25 karazana
• <i>Nadzikambia</i>	2 karazana
• <i>Furcifer</i>	24 karazana
• <i>Trioceros</i>	41 karazana
• <i>Kinyongia</i>	23 karazana
• <i>Brookesia</i>	31 karazana
• <i>Bradypodion</i>	20 karazana
• <i>Rieppeleon</i>	3 karazana
• <i>Palleon</i>	2 karazana

SOKAJY

Tandindonin-doza
na tena an-dalam-pahafonganana

REFINY

Ny **lehibe indrindra**:
Parson's chameleon,
mirefy maherin'ny
68 santimetatra ny
halavany

Ny **kely indrindra**:
Nano chameleon,
Mirefy tahaka
ny atsasaky ny hoho



Photo credit: Frank Glaw




Photo credit:
Dragomir Vujnovic

FONENANY

Ala mando, anaty
hazo sy kirihitra, ala any
anaty tendrombohitra, ary tany maina
—miankina amin'ny karazany avy.

NY SAKAFONY

Ireo bibikely, karazana bibikely mandady,
sahona, na vorona.

FOMBA FIAINANY

Mivoaka andro
Mahaleo tena

FANANAHANY

ohoka:

Hoan'ireo miteraka, maharitra 4 ka
hatramin'ny 6 volana, arakaraky ny karazany.

Fikotrehina:

Ho an'ireo karazany manatody,
4 ka hatramin'ny 24 volana

Isan'ny zanany:

Ny tanalahy kely dia manatody 2 ka
hatramin'ny 4, ireo karazany lehibe kosa dia
manatody 80 ka hatramin'ny 100 isa. Ireo
karazany hafa izay miteraka kosa dia manan-
janaka 8 ka hatramin'ny 30.

LOZA MANAMBANA

Fahaverezam-ponenana
Fiovaovan'ny toetry ny andro



Zava-mahaliana

-  Ny lelan'ny tanalahy dia afaka mivoaka miantoraka lavitra avy ao anaty vavany, aingana toa indray mipi-maso no anaovany izany. Manana haingam-pandeha miala avy @ 0 hatramin'ny 96 kilometatra isan'ora ny lelany, 264 avo heny noho ny hery misitona @tany.
-  Ny teny hoe TANALAHY dia midika hoe liona an-tany ary avy @teny grika hoe "chamai" (amin'ny tany, ambony tany) sy "leon" (liona).
-  Afaka mifoka ny hoditry ny tanalahy. Miankina @fahafainganana'ny fitombony no mampiofoka matetika ny hodiny.
-  @ ratsan-kazo rehefa izy mihanika hazo. Tsy mety tapaka ny rambony ary afaka maniry tahaka ny rambon'ny kitsatsaka sasany ihany.
-  Tsy dia hampifanaraka ny lokony @manodidina azy loatra no antony mampiova loko ny tanalahy; tsy mijery izay zavatra itoerana akory izy ka afaka ny hanapa-kevitra ny hampifanaraka ny lokony @izay itoerany. Tsy afaka manova ny lokony sy ny kisarisary mandrafitra ny lokony araka izay tiany ihany koa izy. Samy manana ny rafitry ny kisarisary sy loko avoakany ny karazan'ny tanalahy tsirairay.
-  **Namaqua chameleons** dia mivelona any @tany hay any Namib, any izy ireo no mandavaka lavaka isitrihina andosirany ny hafanana be sy hatsiaka.
-  **Jackson's chameleon** dia iray @ireo karazana tanalahy vitsy anisa izay tsy manatody fa mitreraka ny vavy ao aminy.



Photo credit: Dragomir Vujnovic



Toe-Toetry ny Tanalahy



Photo credit: Frank Glaw

LOKONY

Miankina @karazany, ny tanalahy dia toa Avana maroloko, ao ny maitso, manga, ary robina, mavo midorehitra, mavokely, sy volomboasary, ary mena midorehitra. Voarafitra @karazana kisarisary, teboka, tsipitsipika avy @ fitambatra ny karazana loko maro. Ny lahy matetika dia miloko midorehitra kokoa noho ny vavy.

Tsy ny ampifanaraka azy @izay zavatra itoerana loatra no mahatonga ny tanalahy hiova loko, ary tsy izy loatra no tena misafidy ny loko sy kisarisary tiany aseho. Ny karazan'ny tanalahy tsirairay dia samy manana ny loko sy kisarisary tiany aseho avy.

Mahatolagaga ny fomba fivoavan'ny tanalahy loko. Sosona 4 no mandrafitra ny hoditry ny tanalahy: ny hoditra ivelany, ny sosona fiaro, ilay ivelan'ny hoditra (epiderme); ny sosona manaraka no antsoina hoe "chromatophore", izay mitahiry "pigment" mavo sy mena; manaraka izany ny sosona antsoina hoe "melanophore", io no mitahiry ny "pigment" miloko mainty izay afaka mamorona loko volon-tany na mainty ary afaka mamoka loko manga ihany koa; ary ny sosony farany ambany, izay tsy mamoka afatsy ny loko fotsy irery ihany. Ny nera sy ny sela mpanentana no manosika ny sela hamoaka ny loko ao amin'ireo sosona ireo, ary ny fifangaroan'ireo sosona ireo no mamorona ny loko sy kisarisary izay hitantsika.

MASONY

Ny tanalahy dia manana ny fomba fijeriny ny manodidina manokana. Miboitra sy voarakotry ny hoditra manify ny masony tsirairay avy ary eo afovoany no misy lavaka boribory kely hisokafany. Ao @andaniny roa amin'ny lohany no misy ireo masony ireo, ary afaka mibanjina sy miolina mahaleo tena avy ireo masony tsirairay, ka afaka mijery zavatra roa samy hafa izy ao anaty fe-potoana iray. Rehefa mahatsikaritra haza, na loza mandondona na tanalahy iray hafa ny masony ilany, dia afaka miolina mankany ny lohany manontolo mba ahafahany mibanjina izany @masony roa. Araka izany dia manana fijery maranitra sy mahitsy izy ahafahany mibanjina tsara izay zavatra mahaliana azy.

TONGONY

Raha ny tanalahy no mikendry ny sakafo tena tiany, dia mitaky ny fahaizany mamikotra mafy izany— @alalan'ireto rantsa-tongony tena miavaka. Ny tanalahy dia "zygodactyls", izay midika fa @ ny tongony tsirairay, ny rantsangotra 5 dia voarindra sy voazara mandeha tsiroaroa sy tsitelotelo. Raha ny tongony eto aloha, dia avy ao anatin'ny tongony no ahitany ny rantsana telo miaraka, ary aty ivelany kosa no ahitana ny rantsana roa miaraka. Raha ny tongony aty aoriana kosa dia mifanohitra tanteraka @izany ny rafitra. Ny firafitry ny tongony io no ahafahan'ity farany mihazona mafy tsy am-panahiana rehefa izy mifikitra @ ratsankazo, izany ihany koa no ahafany mamindra miakatra na mitsivalana. Ary misy hoho maranitra ny tongony tsirairay, izany no ahafahany mihanika sy mamikotra @faritra izay tsy ahafahany mihazona mafy, tahaka ny vatan-kazo.

LELANY

Mahatolagaga tokoa ny lelan'ny tanalahy, toa pilotra fihaza aingam-pandeha mivoaka avy ao am-bavany. Noheverina fa ny fisian'ny tsiranoka madity @ny hozatry ny lelany no mampahomby ity farany. Ankehitriny anefa ny mpikaroka dia mahita fa ny hafainganam-pandeha sy ny firafitry ny lela no ahafahany mandona sy misintona, ampian'ny fahaizany mamikotra. Sarotra ny hialana izany! Ny taolana ao anaty lela (hyoid) no manipy ny lela— karazana taolana malemy mihenjana avy any anaty tenda mankany am-bava— ampian'ny hozatra mihorona anaty lela. Izany rehetra izany dia voarafitra @alalan'ny fisian'ny taolana malemy, hozatra, nera, ary soson-koditra manify izay miara-miasa ahasoa tahaka ny pilotra mamely izay bibikely tsy mitandrana.

Rehefa miraikitra @lela ny haza, dia sintomin'ny tanalahy miverina any mabavany izany, tsakoany ary ateliny. Dia miverina mipirina ao ambavany ny lelany mandrampahatonga ny fotoana ilana azy indray.



FONENANY

Any Afrika, Asia, sy Eropa no ahita ny tanalahy, fa ny ankamaroany dia hita aty Madagasikara sy Afrika. Ny ambiny sisa dia hita any afovoany antsinan'ny tany, misy vitsivitsy ao @ireo nosy ao @ranomasimbe Indiana, ny sasany, tanalahy Indiana, any India, Pakistan, sy Sri Lanka.



Photo credit: Dragomir Vujnovic

TOETRA

Ny fiovaovan'ny loko'ny tanalahy dia manana anjara asa lehibe eo @ fifanakalozany sy fifampiresahany. Miovaova izany arakarakany ny fahatsapany, tahaka ny tahotra na hatezerana, ny tahan'ny hazavana, ny hafanana sy hamandoana. Ny fampisehoan'ny lahy ny mampidorehitra azy no maneho fa izy no manjaka ary izany koa no ahafahany manintona ny vavy. @alalan'ny lokony no anehoan'ny vavy fa manaiky ny lahy izy na tsia; ny loko arantiny koa dia manambara fa efa manana lahy izy ary bevohoka.

Mahavatra maka milamina ny tanalahy. Afaka mitoetra am-pitoniana izy rehefa maka aina, sy rehefa mihanika na mamindra ambony hazo, mamindra milamina sy am-pitandremana tanteraka izy, indraindray izy dia mihenahena mandroso mihemotra tahaka ny ravin-kazo, mba ifangaroany @ manodidina azy. Mahay mampifandanja ny vatany tsara izy, ampian'ny fahaizany mamikotra @tongony sy ny rambony. Rehefa mahatsapa izy fa misy loza mananontanona, na koa izy taitra, dia mibontsina mizihitra izy mba anehoana ny fahalehibeazany.

Na ny tanalahy lahy na ny vavy dia samy mahaleo tena sy miaina irery. Tsy milefitra ny lahy raha mahita lahy hafa manalokaloka na miditra ny fonenany, miova loko avy hatrany izy ary manohitra ny mpiantafika. Mivelatra kokoa ny toeram-ponenan'ny lahy noho ny an'ny vavy, ary manaraka sy miray @vavy mihoatra ny iray izy mandritra ny fotoam-panarahana. Ny vavy izay efa niray t@lahy dia masiaka sy manohitra izay lahy hafa mikasa ny hanakaiky azy, ary mety hiova loko somary marama izy, loko izay manambara marina ny toe-batany.



Photo Credit: Tojo Lytah Razafimahafa

Monina @karazan-toerana maro ny tanalahy, miala avy @ala mando sy lemaka mankany @tany efitra, na tany maina, kirihitra ary tendrombohitra. Maro ireo monina ambony hazo, fa misy koa ireo monina anaty bozaka sy kirihitra, ravina mihintsana, sy rantsan-kazo maina.

SAKAFONY

Biby tsy misy hazon-damosina no tena sakafon'ny tanalahy, ao ny valala, valalabe, voangory, lolo, sy lalitra, ao koa ireo tanalahy lehibe mihinana bibikely mandady, sahona, sy vorona. Ny tanalahy dia voasokajy ho mpihaza mpanararaotra: mijery izy ary miandry izay haza mandalo eo akaikiny miaraka @ity lelany lava dia lava.



Photo credit:
Ken & Mary Campbell



Fananahany

Ny fisehosehoana ataon'ny lahy isintonany ny vavy dia manomboka @ fampirantiany ny lokony, ao ny fanehoany loko midorehitra na karazana fihetsiketsehana ataony @ lohany. Ny lahy sasany mamindra moramora arahina fihetsika somary miahotrahotra, fa ny sasany aingana kokoa. Rehefa tsy manaiky ny vavy dia mety hisitaka izy na mety ho tojo ny lahy mpanaradia misanasana vava rehefa ity farany miaina, maninjitra ny tongony aoriana, miezaka ny tsy handiso fanantenana ny diany.

Manatody ny ankamaroan'ny tanalahy vavy, na izany aza dia misy karazany vitsivitsy, tahaka ny Jackson's chameleon —izay miteraka. Hoan'ireto karazany manatody, ny vavy dia midina amin'ny tany dia mandavaka lavaka.



Photo credit: Dr. Tim Eppley

Asitriny ao anaty lavaka ny atodiny, ary totofany, ary misitaka ny toeram-panatodizana izy. Mandritra ny fotoana fikotrehina, mitroka rano avy @tany ny atody ary mety ahazo lanja maherin' ny 4 grama. Tsy miahny ny kely vao foy na teraka ny tanalahy lehibe, ary andro vitsy aorian'ny nahafoy azy, dia manomboka mihaza bibikely ho azy izy.

Fiarovana azy

Madagasikara no toerana ahitana ny roa ampatelon'ny karazana tanalahy, ary ny sasany @ireo dia noraiketin'ny IUCN an-tsoratra ho isan'ny biby tandindonin-doza:

- **Belalanda** chameleon, *Furcifer belalandaensis*
- Bizarre-nosed chameleon, *Calumma hafahafa*
- **Namoroka** leaf chameleon, *Brookesia bonsi*
- Tarzan chameleon, *Calumma tarzan*

Na aiza na aiza, dia hita fa manomboka very fonenana tanteraka ny tanalahy vokatry ny fomba fambolena, fanorenana fonenana hoan'ny olombelona na fanaovana arina fandrehitra, fanapahina vilona hoan'ny biby fiompy sy ny fandrosoana entin'ny olombelona. Isany loza mitatao ihany koa ny fanondranana ny tanalahy antsokosoko.



Photo credit: Frank Glaw

Tarzan chameleon

